

21 MAY 2010.
Le 8 Sivan 5770.

Fo vaovao.

« *Dia hofafazako rano madio ianareo, ka hadio; ny mba ho afaka amin'ny fahalotoanareo rehetra sy ny sampinareo rehetra no hanadiovako anareo. Ary homeko fo vaovao ianareo, ary fanahy vaovao no hataoko ao anatinareo, ary hesoriko amin'ny nofonareo ny fo vato, ka homeko fo nofo ianareo.* » (Ezekiela 36:25-26)

Marobe ny miresaka ny ilàna ny fanovàna ny fo kanefa tsy mahafantatra ny zavatra lazainy. Ny tanora indrindra dia very hevitra ny amin'ny hoe "*fo vaovao*" Tsy fantany ny dikan'izany. Miandry fiovana manamarika ny fihetsepony izy ka izay no lazainy hoe fiovam-po. Aman'arivony no voatarika any amin'ny fahaverezana noho io fahadisoan-kevitra io satria tsy mahazo ny dikan'ireto teny ireto: "*Tokony hateraka indray ianareo* "

Homen'i Satàna saina ny olona fa rehefa tonga amin'ny firavoaravoam-panahy izy dia miova fo kanefa tsy miova ny asany ary ny fiainany dia tsy mamokatra voa tsara. Matetika heno mivavaka maharitra izy , maneho mandrakariva ny fihetsepony ny amin'ny toe-javatra zatsy na zaroa. Kanefa tsy fantany ny atao hoe fiainam-baovao. Mamita-tena izy. Tsy mihoatra ny fihetsepony ny fanandramany. Manorina eo ambony fasika izy : ka raha mitsoka ny rivotry fitsapàna dia mirodana ny tranony. Fanahy marobe no mitsapatsapa anaty haizina miandry hahatsapa fihetsepo izay lazain'ny sasany fa tsapany . Hadinony fa ny Kristianina dia tokony hifikitra amin'i Kristy ka hiasa ho amin'ny famonjena azy amin-tahotra sy hovitra. Ireo izay resy lahatra fa nanota dia tokony hanao zavatra iray: hibebaka sy hampiseho finoana marina. Raha miresaka ny fiovam-po Jesosy dia ny fanahy, ny fiainana, ny tena manontolo no tiany hambara. Ny fahatsapàna fiovampo dia midika fanesorana ny fitiavany an'izao tontolo zao mba hafindra eo amin'i Kristy. Ny fananana fo vaovao dia midika fananana fanahy vaovao, fikendrena vaovao, antony manosika vaovao. Inona no hahafantarana ny fo vaovao?--Ny fiovan'ny fiainana. Isan'ora, isan'andro dia maty ny fitiavan-tena sy ny fiavonavonana. Fahadisoana lehibe ny mihevitra fa mahasolo asa fanompoana mivaingana ny fanehoana ampahabemaso ny finoana. Ny fivavahana izay tsy misy fampiharana dia tsy marina. Ny tena fiovam-po dia hitarika antsika hanana fahitsiana eo amin'ny fifandraisantsika amin'ny hafa. Mahatonga antsika mahatoky izany eo amin'ny fanatanterahan-tsika ny raharahan-tsika andavan'andro. Ny mpianat'i Kristy rehetra, raha tsotra izy, dia hanaporofa fa ny fivavahan'ny Baiboly dia ahafahany mampiasa ny talentany ho amin'ny fanompoana ny Mpampianatra.

"*Mazotoa, fa aza malaina,* " (Romana 12:11) Io teny io dia hisy akony amin'ny fiainan'ny kristianina tso-po tsirairay. Ny asa mandreraka rehetra dia hasoavin'ny toe-tsaina manan-tanteraka azy. Ataovy ho an'ny Tompo ny zavatra rehetra, ampifaliana miaraka amin'ny fahamendrehan'ny lanitra. Rehefa fitsipika ambony no mameno ny saina dia hekeny tanteraka ny asa hatao. Ny fanompoana marina dia manokatra fifandraisana eo amin'ny mpanompon'Andriamanitra tsotra eto an-tany sy ireo mpanompo lehibe any amin'ny tokotanin'ny lanitra... Amin'ny maha zanak'Andriamanitra azy, ny Kristianina dia tokony hiezaka hanatratra ny idealy avo hapetraky ny Filazantsara aminy. Tokony tsy hianona amin'ny tsizarizary izy satria na Kristy aza nilaza hoe: "*Koa amin izany aoka ho tanteraka ianareo toy ny fahatanterahan'ny Rainareo Izay any an-danitra* "

Aoka hifototra amin'ny fianarana ny tenin'Andriamanitra isika ka ny fitsipika masina ao aminy no ho hery manosika ny fiainantsika. Andao handeha ampahamoràna sy ampanetretena anatrehan'Andriamanitra, manitsy isan'andro ny tsy fahatanterahan-tsika. Aoka tsy hisy fiavonavonana feno fitiavan-tena hampisaraka ny fiainan-tsika amin'Andriamanitra. Aza mamboly fiheveran-tena ho ambony ka mampihevitra antsika ho ambony noho ny hafa « *Koa izay manao azy fa efa mijoro tsara, dia aoka izy hitandrina, fandrao ho lavo.* » Hanana fiadanana sy fitsaharana ianao raha mampifetra ny sitraponao eo amin'i Kristy. Ary noho izany dia ny fitiavany no hanapaka ny fo ka ny antony lalina manosika anao dia ho voasarika hafatotra eo amin'ny Mpamonjy. Ny toetra henjana sy mora tezitra dia halemen'ny soliky ny fahasovan' i Kristy. Ny fananan'antoka fa voavela heloka dia hanome anao fiadanam-po izay mihoatra noho ny fahendrena rehetra. Hiezaka amin-kery ianao handresy ny zava-misakana rehetra hanohitra ny fahatanterahana Kristianina. Hanjavona ny tsy fifankazahoana. Ireo izay nanana fahazarana mahita tsikera amin'ny manodidina azy dia hahita tsy fahatanterahana mbola loza kokoa eo amin'ny toetrany. Tonga izany amin'ireo izay mampitodika ny eritreriny eo amin'ny fahamarinana ka mahatsikaritra fa ny fiainany dia mifanohitra amin'ny fiainan'i Kristy. Tsapany fa voaheloka izy ka mitady famelana tamin'ny fandikany ny lalàna. Miankina aminy fahamendrehan'i Kristy izy ary mifikitra Aminy amin'ny finoana tena izy, koa dia mahazo famotsorana ny fahotàny. Najanony ny fanaovan-dratsy ary mianatra manao ny tsara izy ka mitombo eo amin'ny fahasovanana sy ny fahalalana an'Andriamanitra. Tsapany fa misy sorona atao raha te hisaraka amin'izao tontolo izao izy ka rehefa ntaony ny fikajiana dia nataony toy ny tsinontsinona ny zavatra rehetra mihoatra noho ny fahazoana an'i Kristy. Nanolotena ho eo amin'ny tafik'i Kristy izy. Miditra amin-kery sy ampifaliana amin'ny tolona miandry azy izy ka manohitra ny fironana voajanahary ao anatin'ny sy ireo faniriany feno fitiavan-tena, mametraka ny sitrapony ho eo ambony fanapahan'i Kristy! Mangataka amin'Andriamanitra ny fahasovanana hahazoany mankato Azy isan'andro izy ka ampaherezina sy tohanany hatrany. Izany no ato hoe fiovam-po marina. Ireo izay voavoa fo dia tsy mifototra afa-tsy amin'ny famonjen'i Kristy izay handrasany ampanetretena sy ampakasitrahana. Mitsimoka eo aminy ny voan'ny fahamarinana. Raha taloha izy dia tia tena ka mankafy ny filàn'izao tontolo izao; ankehitriny kosa dia voangana ny sampy ary Andriamanitra no manjaka eo amin'ny tontolony. Ny fahotàna izay nankamamiana taloha dia hankahalaina indrindra ankehitriny. Mandroso amin'ny fomba hentitra sy tapa-kevitra izy ho any amin'ny lalan'ny fahamasinana.

The Youth's Instructor, 26 septembre 1901.

